



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 28 OKTOBRA – 03 NOVAMBRA 2015

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

VAOVAO NISONGADINA

EFA MANDEHA NY HETSIKA FITAKIANA IREO NOSY EPARSE

Ny fanambarana nataon'ny Masoivohon'i Frantsa eto Madagasikara, Véronique Vouland izay nilaza fa ireo Nosy Eparses dia an'i Frantsa dia nanaitra mafy ny hetsika fitiavan-tanindrazana. Eo ambany fitarihan'ny mpahay politika James Ratsima, ny antoko Madagasikara Afaka dia namory ny hery velona rehetra eto amin'ny firenena tao amin'ny Live Hôtel ao Andavamamba mba hanatanteraka ny paikady fitakiana ireo nosy ireo, izay araka ny fanapahan-kevitra ny Firenena Mikambana, dia an'i Madagasikara. Betsaka ny fidirana amin'ny onjam-peo mikasika izany.

Radio ANTSIVA dia nandinika lalina izany tamin'ny fisafidianana ny hamaroan'ny hevitra. Odon Grégoire Rakotonirina ao amin'ny antoko Aroriaka, Rajaonah Andrianjaka ao amin'ny antoko Otrikafo sy ny solombavambahoaka ao amin'ny vondrona MAPAR ary Michèle Ratsivalaka dia namoaka ny heviny. Izy rehetra ireo dia nanameloka ny fihetsik'i Frantsa ary nihevitra fa ny fanambarana nataon'ny diplômaty dia toy ny fanambarana fihantsian'ady amin'ny Malagasy. Ireo Filoham-panjakana malagasy teo aloha dia nandefa solontena tao amin'ny fivoriana, fa ny Filoha ankehitriny kosa dia tsy tonga mihitsy. Tsy fahatongavana izay nadikan'ny **KOLO TV** sy **VIVA TV** ho mandà. "Matory Mahazoarivo" hoy ny fanebahan'i **KOLO TV**, ary **VIVA** dia miampanga fa Hery Rajaonarimampianina dia "mpivarotra tanindrazana". Ny mpanao gazety ao amin'ny **FREE FM**, Lalatiana Rakotondrazafy ihany koa dia tsy nitsitsy teny tamin'ny fitsikerana ny Filoham-panjakana. Niverenany nolazaina aza ny amin'ny fampanantenana nataon'ity farany tamin'ny fampielezan-kevitra nataony, raha nilaza izy fa hiady ny hamerenana ireo nosy ireo. Ny haino aman-jery **MA-TV** irery ihany no nisafidy hanome fitenenana an'i Jean Jacques Rabenirina izay nilaza ihany koa ny hatezerany manoloana ny fahanginan'ny Mpanatanteraka, manomboka amin'ny Praiminisitra izay nilaza mazava fa ny resaka Nosy Eparses dia raharahan'ny Filoham-panjakana frantsay sy ny Filoha malagasy irery. **RFONE** dia niresaka ihany koa ny amin'ireo nosy ireo ka nanome fitenenana ho an'ireo mpitsikera ny Filoham-pirenena. Araka izany, ny Pr Célestin Tsiavaliky sy Christo Solomona ao amin'ny antoko AREMA dia namaky bantsilana ny tsy fihetsehan'i Hery Rajaonarimampianina.

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



AO ANATIN'NY FANAFAOZAN-DRAFITRA IREO KAOMININA

Ny ankabeazan'ireo kaominina dia mbola ao anatin'ny fanavaozan-drafitra taorian'ny nandraisan'ireo ben'ny tanàna vaovao voafidy. Mifanindran-dàlana amin'izany, efa nanomboka ny asa fanorenana fotodrafitrasa any amin'ireo toerana samihafa ireo, araka ny nitateran'ny haino aman-jery.

*Any amin'ny renivohitr'i Betsileo, ny filankevitra monisipaly dia nanao ny fifidianana ny mpikambana ao amin'ny biraony, mpanolotsaina 11 amin'ny 15 no nanatrika izany. Herizo Randrianasolo ao amin'ny HVM no voafidy ho filoha, araka ny famaritana mazava nomen'ny **RFONE** sy **RTV SOAFIA**. Ny solontenan'ny MAPAR, René Basile Razafimahatratra dia nandà ny handray anjara tamin'ny fifidianana ka ny fialan-tsininy dia hoe mbola miandry ny fanapahan-kevitra ny filankevitran'panjakana izy taorian'ny fangatahana fandravana. Nohamarinin'i Sahondra Ratsimbazafy avy ao amin'ny antokony ihany izany teo amin'ny fandraisam-peon'ny **RADIO TSIRY** : "ny antoko dia tsy afaka miditra amin'ny filankevitra monisipaly noho ny fanajana ny mpifidy" hoy izy. Miaraka amin'izay, ny mpilatsa-kofidina tamin'ny fifidianana kaominaly Christine Razanamahasoa dia nametra-pialana tamin'ny fomba ofisialy tsy ho ao amin'ny filankevitra. Any amin'ny Tanànan'ny Masoandro, **RTV SOATALILY** dia nitatitra ny lanonana fanendrena ireo lefitry ny ben'ny tanàna dimy. Nanararaotra izany ny ben'ny tanàna vaovao nilaza ny fanombohana ny asa fanamboarana ny lalan-kely mirefy 3,6 km ao amin'ny kartien'i Mangabe. Any amin'ny faritra Avaratry ny firenena, ny minisi-panjakana Rivo Rakotovo dia nanatrika ny lanonana fanolorana ofisialy ireo ben'ny tanàna vaovao ao amin'ny faritra Diana, araka ny **TV VARATRAZA**.*

*Tao avokoa ny ben'ny tanàna rehetra afa-tsy ny an'ny kaominina ambonivohitr'Antsiranana. Na izany aza tsy nanaitra ny haino aman-jery izany tsy fahatongavany izany. Etsy andaniny, dia mitohy hatrany ny fitokonan'ny mpiasan'ny kaominina ambonivohitr'i Toamasina. Araka ny fanazavan'ny **RNA**, dia vao mainka nihamafy ny fihetsiketsehana ka mitaky ny hanesorana ny mpiara-miasa amin'ny ben'ny tanàna ireo mpitokona ireo.*

FIZOTRY NY FIFIDIANANA

FAMETRAHANA NY CENI VAOVAO

Efa saika tafapetraka avokoa ny mpikambana ao amin'ny CENI, hiandrasana ny fifidianana izay ho solontena ao amin'ny Antenimieran-doholona. Amin'izany, dia tokony hapetraka aloha izany mba hanaovana fifidianana izay hahitana ny fandraisana anjaran'ireo ben'ny tanàna vao voafidy sy vao avy nanao ny fianianany. Hery Rakotomanana, solontenan'ny Holafitry ny mpisolovava no voafidy ho filohan'ny vaomieram-pifidianana, raha Olivier Ramahadison, no voafidy tao amin'ny Fitarana Tampony ary Thierry Rakotonarivo no solontenan'ny Antenimieram-pirenena, ireo no mitana ny toeran'ny filoha-lefitra. Ernest Razafindraibe kosa notendren'ny Filohan'ny Repoblika ary Fano Rakotondrazaka no ny nofidin'ny Holafitry ny mpanao gazety ; ireo no mpampaka-tenin'ny CENI, raha toa ka Fanomezantsoa Rakotonirina sy Charles Randriarimanana kosa no solontena roa avy amin'ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena, izay lasa mpanolotsaina. Raha ny amin'i Philibert Andriamanantsoa, solontenan'ny HCC, dia manana safidy malalaka izy raha hanao filoha-lefitra na mpanolotsaina.

*Tandrametaka, toy izany no fijerin'ny ankamaroan'ny haino aman-jery ny mikasika ireo mpikambana ao amin'ny CENI ireo. Mametraka fisalasalana ny **KOLO TV** ny amin'ny maha ara-drarin'ny*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



mpikambana. Ny **FREE FM** kosa naneho ny heviny fa ny fananganana izany dia mitongilana, satria ireo olo-manan-kaja ireo dia efa nitana andraikitra tao amin'ny vaomieram-pifidianana taloha ihany. Ny **RADIO PLUS** dia nisafidy ny hifantoka tamin'ny fifidianana ny solontenan'ny Antenimieram-pirenena ka niverina ny nijery ny fisiana na tsia ny maro an'isa ho an'ny Filoham-pirenena eo anivon'izany andrim-panjakana izany. Ary farany, ny **TVM** kosa dia nandray izany ho isan'ny zava-mitranga eo amin'ny fitondrana ka nifantoka tamin'ny fanaovan'ireo mpikambana ao amin'ny CENI fianianana izay natrehin'ny Lehiben'ny governemanta.

FOTOTRY NY DISADISA

NY AMBADIKY NY HETSIKA FAMPANDRIANA FAHALEMANA

Raha niarahaba tena tamin'ny fahombiazan'ny hetsika Fahalemana ny mpitandro ny filaminana, ny vahoaka kosa niampanga ny fihetsika mahery vaika nataon'ireo miaramila mitam-piadiana tamin'ny fanatanterahany ny asany teny an-toerana. Vokatry'izany, dia tsy mitsaha-mahenika ny haino aman-jery ny tsaho ratsy mahakasika ny mpitandro ny filaminana mikasika ny fizotry ny hetsika tany amin'ny faritra maro teto amin'ny firenena.

Ny **VIVA TV** dia nitatitra fa olona telo no novonoin'ny miaramila tany Tsiroanomandidy. Tamin'ny teny mampiahiahy sy mahery no nilazan'ny haino aman-jery fa ny hetsika fahalemana dia niteraka disadisa teo amin'ny miaramila sy ny zandarimaria. Tamin'ny teny mampihorohoro ihany koa, ny **ANTSIVA** dia namaritra mazava fa izany hetsika izany dia hiafara amin'ny adim-poko. Mitanila kosa ny **TVM**, raha nidera ny « fahombiazana mazava » tamin'ny hetsika Fahalemana.

FILAZA TSY MENDRIKA

Ny olona eo amin'ny fitondrana dia lasibatra manokan'ny mpanao gazety Lalatiana Rakotondrazafy nandritra ny fandaharana **Anao ny Fitenenana**. Tamin'ny teny tsy voalanjalanja, no nanambarany fa « ny mpitondra dia mbola mikaroka fitadiavam-bola hatrany amin'ny fampiasana ny rafitra biometrika atao amin'ny fahazoan-dalana hitondra fiara ». Manarak'izany, izy dia nandefa ny tsaho izay milaza fa « ny Vadin'ny Filoha dia ao ambadiky ny fanendrena ny ambasadaoro sy diplomaty », ary mbola nanamafy hatrany izy fa ireo mpiasan'ny ambasadin'i Madagasikara any Parisy ireo dia mandray karama mihoapampana, « ny mpandray olona fotsiny no mahazo 7 000 euros », kanefa tsy manao afa-tsy ny mandray telefona fotsiny ihany. Nofaranany tamin'ny teny mandrangitra izany fa « motraka ny fitondrana ».

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

